# TOROLALANA TSOTRA
# HO FAMPAHARETANA NY TOLOTRA RFF ENY AMIN'NY TOBI-PAHASALAMANA SY NY SEKOLY

**Martsa 2023**



## Novokarina niaraka tamin'ny fanohanan'ny tetikasa USAID/RANOWASH

# Fanoroam-pejy


Fanoroam-pejy ........ 1
Teny fisaorana ........ 3
Lisitry ny fanafohezan-teny ........ 1
Lisitry ny sary ........ 2
**1. FAMPIDIRANA ........ 3**
**2. INONA NO TANJON'NY TOROLALANA ? ........ 4**
**3. NATAO HO AN'IZA ITY TOROLALANA ITY? ........ 4**
**4. Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin'ny tobim-pahasalamana ........ 1**
**5. Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin'ny sekoly ........ 2**
**6. Ireo singa mila jerena raha te hampaharitra ny tolotra RFF anatin'ny tobi-pahasalamana sy sekoly eo anivon'ny kaominina ........ 3**
**6.1. Politika, paikady ary drafitrasa** ........ 3
**6.2. Rafitra sy fahaiza-manao** ........ 3
**6.3. Fandrindrana asa** ........ 3
**6.4. Famatsiambola** ........ 3
**6.5. Fanarahamaso** ........ 3
**6.6. Tamberin'andraikitra** ........ 4
**6.7. Miralenta (genre et inclusion)** ........ 4
**6.8. Tolotra sy fiovam-pihetsika** ........ 4
**6.9. Tontolo iainana sy ny harenan-drano (ressource en eau)** ........ 4
**7. Ireo hetsika ho fampaharetana ny tolotra RFF sahanin'ny ben'ny tanana sy ny ekipany ........ 5**
**8. Ireo hetsika fampaharetana RFF ho an'ny Mpitarika eny anivon'ny tobimpahasalamana ........ 12**
**9. Ireo hetsika fampaharetana RFF ho an'ny Mpitarika eny anivon'ny sekoly ........ 19**
Tovana ........ 27
Tovana 1: Maso-tsivan'ny Tobi-pahasalamana Sakaizan'ny RFF ........ 27
Tovana 2: Maso-tsivan'ny Sekoly Sakaizan'ny RFF ........ 30
Tovana 3: Ireo zavatra tokony hita anatin'ny PCDEAH anakiray ........ 31
Tovana 4 : Drafitr'asa sy tetibola modely Fampaharetana ny Sekoly Sakaizan'ny RFF ........ 33
Tovana 5: ireo modely fizarana andraikitra amin' ireo komity mpitantana ny RFF amin'ny sekoly sy tobimpahasalamana. (TDR komity RFF) ........ 35

Tovana 6: ireo endrika fizarana andraikitra eo amin' ireo mpiantsehatra RFF rehetra hatrany amin'ny nasionaly ka hatraty amin'ny kaominina (Chartes de responsabilité) ........ 36

Tovana 7: ireo modely fitantanana fotodrafitrasa RFF mety mampiditra vola mba ahafahana mikojakoja sy manatsara izany. ........ 41

## Teny fisaorana

”

Ny fahafahana nanatanteraka ity « Torolalana tsotra ho fampaharetana ny tolotra RFF eny amin’ny tobi-pahasalamana sy ny sekoly » ity dia vokatry ny fiaraha-miasa mahomby teo amin’ny sokajin’olona maro avy amin’ny sehatra samihafa ka tolorana fankasitrahana manokana eto. Voalohany indrindra amin’izany ireo vahoaka sy mpisehatra ifotony eny amin’ny tanana, fokontany ary kaominina izaynotsidihana.

Tolorana fisaorana koa ireo Ministera mpiahy rehetra :
Minisiteran’ny Rano, Fanadiovana sy Fanadiovana (MEAH), Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka (MINSANP), Minisiteran’ny Fanabeazam-pirenena (MEN), Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana (MID), Minisiteran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola (MFB) manomboka amin’ireo rantsamangaika eny amin’ny fokontany, kaominina, distrika, faritra ary ireo sehatra nasionaly. Tsy ho adino ny misaotra ny Tetikasa USAID/RANOWASH miaraka amin'ireo mpiara-miombon’antoka aminy (CARE, WAM, CRS, Sandandrano, Bushproof), nohon’ny famatsiany ireo fitaovana ilaina.

”

Maneho fankasitrahana ireo namana sy mpiara-miasa izahay, mpiara-miombon'antoka izay nanome anay ny fanohanana ara-moraly sy ara-tsaina nandritra ny fanatanterahina ny asa.

## Lisitry ny fanafohezan-teny

| | |
|---|---|
| **ATEAH** | : Agent Technique en Eau, Assainissement et Hygiène |
| **CSB** | : Centre de Santé de Base |
| **DREAH** | : Direction Régionale de l'eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène |
| **DREN** | : Direction Régionale de l'Éducation Nationale |
| **DRSP** | : Direction Régionale de la Santé Publique |
| **FEFFI** | : Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony |
| **GIC** | : Gestionnaire Investisseur Constructeur |
| **MEAH** | : Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène |
| **MFB** | : Ministère de la Finance et du Budget |
| **MID** | : Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation |
| **MINSANP** | : Ministère de la Santé Publique |
| **ONG** | : Organisation Non Gouvernementale |
| **PCDEAH** | : Plan Communal de Développement en Eau, Assainissement et Hygiène |
| **RFF** | : Rano, Fanadiovana, Fidiovana |
| **RSSR** | : Responsable de la Santé Scolaire Régional |
| **SAS** | : Service d'Accès aux Soins |
| **SLC** | : Structure Local de Concertation |
| **SMGSSE** | : Service de Maintenance, de Génie Sanitaire et de Santé Environnement |
| **SSEnv** | : Service de la Santé Environnement |
| **STEAH** | : Service Technique en Eau, Assainissement et Hygiène |
| **UNICEF** | : United National International Children's Emergency Fund |
| **USAID** | : United States Agency for International Development |
| **WSUP** | : Water & Sanitation for urban Poor |
| **ZAP** | : Zone d'Administration Pédagogique |

# Lisitry ny sary

| Sary | Pejy |
|---|---|
| **Sary 1 : CSB II Ivato Centre, Sakaizan'ny RFF (RanoWASH)** | Fonony |
| **Sary 2 : Komity RFF eny anivon'ny sekoly (RanoWASH)** | 8 |
| **Sary 3 : Ireo tolotra RFF tokony ho hita eny anivon'ny tobimpahasalamana** | 9 |
| **Sary 4 : Ireo tolotra RFF tokony ho hita eny anivon'ny Sekoly** | 10 |

## 1. FAMPIDIRANA

"

Ny fahafahana misitraka araka ny tokony ho izy ny tolotra Rano, Fanadiovana ary Fidiovana (RFF) eny anivon'ireo sampan'draharaha-panjakana toy ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana) eto Madagasikara dia mbola mijanona ho fanamby lehibe.

"

Fantatra ary fa ny 80% ireo sampan'draharaha-panjakana dia tsy ahitana tolotra RFF akory. Eny anivon'ny fiaraha-monina indray dia mbola ampahan'olona vitsy no mampihantra ireo fihetsika fototra tsara mifandraika amin'ny RFF (Fampiasana kaboné manaraka ny tokony ho izy, Fanasana tanana amin'ny Rano sy Savony, Fitantanana ny fadim-bolana, fikajiana sy ny fampiasana rano fisoro madio, sns.) izay mbola mila ezaka lehibe. Koa ho fanatsarana ny "Tolotra" sy ho fampiroboroboana ny "Fiovam-pihetsika mahomby RFF eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana eto Madagasikara, ny (i) Ministera ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana, (ii) ny Minisiteran'ny Fahasalamana ary (iii) ny Minisiteran'ny Fampianarana, niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka dia nampihatra ny fiantomorana "Sakaizan'ny RFF" teo anivon'ny Sekoly sy ny CSB. Betsaka ny tahiri-kevitra novokarina amin'izany toy ny "Toro-lalana nationaly mifandraika amin'izany" mba hanampiana ny Talen-tsekoly sy ny Lehiben'ny CSB ary ireo mpiara-miombon'antoka ho fanatratrarana ny fenitrin'ny « Sekoly / Tobim-pahasalamana Sakaizan'ny RFF ary ho fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana.

Betsaka tamin'ireo mpiantsehatra isan'ambaratongany RFF koa anefa no tojo fahasahiranana nohon'ny antony maro toy ny fomba fiasa tsy mirindra, tsy mazava amin'ny rehetra ny lalan-tsaina hampiharina, sns Noho izany, ity torolàlana tsotra ity izay ahitana tahiri-kevitra hoan'ireo mpiantsehatra RFF dia natao indrindra hanatsarana ny fomba fiasa ka hisian'ny fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana.

## 2. INONA NO TANJON'NY TOROLALANA ?

Ity torolalana ity dia mikendry ny hanohanana ireo mpitarika sy tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina, Sekoly ary Tobim-pahasalamana mba hanamafisana ny paikady hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa Rano Fanadiovana sy Fidiovana amin'izany sehatra izany (sekoly sy tobim-pahasalamana)

## 3. NATAO HO AN'IZA ITY TOROLALANA ITY?

Ho an'ny mpiantsehatra isan-tsokajiny amin'ny fametrahana sy fampaharetana ny "Tobi-pahasalamana sy Sekoly. Tsongaina manokana amin'izany :

- Tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina : Ben'ny tanana, ATEAH/STEAH/ADL,
- Talen'ny sekoly sy ny mpiara-miasa aminy, Lehiben'ny Tobi-pahasalamana sy ny mpiara-miasa aminy, Komity RFF, sns.



# 4. Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin’ny tobim-pahasalamana


## Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin’ny Tobim-pahasalamana



### 1 Ny fisian'ny fotodrafitrasa, fitaovana ary fitaovana WASH

- Ny fisian'ny rano fisotro madio ;
- Ny fisian'ny lava-piringa, madio, madio, tsy misy lalitra (lavaka voasarona,
- **Tsy fisian'ny diky miparitaka anatiny sy ivelan'ny kabone**
- Ny fisian'ny fitaovana fanasan-tanana (DLM) misy savony;

### 2 Ny fisian'ny efitrano fidiovana (Douche)



- Azo idirana amin'ny mpiasa
- Azo idirana amin'ny mpampiasa ;

Miaraka amin'ny rano, savony ary dabam-pako voasarona ;



### 3 Ny fisian'ny toerana manokana

fitantanana ireo fako eny @ tobim-pahasalamana (déchets médicaux) sy ny fitantanana ny rano maloto.



### 4 Ny fisian'ny fitaovana fanadiovana

Siny, kifafa, sy ny famonoana ny otrikaretina.



### 5 Hafatra sy fanentanana

Fandefasana hafatra momba ireo fitondrantena fototra enina ao anatin'ny tobim-pahasalamana sy eny anivon’ny fiarahamonina

# 5. Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin'ny sekoly

## Ireo karazana tolotra RFF tokony hisy eny amin'ny sekoly



### 1 Ny Fotodrafitrasa

Fotodrafitrasa fototra momba ny Rano, ny Fanadiovana ary ny fidiovana (fisotroana rano fisotro, fitaovana fanasan-tanana misy savony, trano fivoahana tsy misy lalitra), ary Toerana fanangonana fako,



### 2 Ny lohahevitra

Misy ireo fomba sy marika fampahafantarana ny tolotra RFF anatin'ny Sekoly.



### 3 Ny Komity WASH

Sekoly misy komity RFF mitantana sy manatsara ireo tolotra sy fotodrafitrasa.



### 4 Ny fanentanana

Miaraka manao fanentanana ny mpianatra sy ny mpampianatra ary mampihatra isan'andro :

- Ny fisotroana rano madio,
- Ny fampiasana isan'andro sy fanadiovana ny trano fidiovana efa misy,
- Ny fanasan-tanana

amin'ny savony/lavenona mandritra ireo fotoana tokony hanaovana izany.

# 6. Ireo singa mila jerena raha te hampaharitra ny tolotra RFF anatin'ny tobi-pahasalamana sy sekoly eo anivon'ny kaominina

## 6.1. Politika, paikady ary drafitrasa

*Tena ilaina ny fisian'ny politika, paikady ary drafitrasa RFF raha hiresaka momba ny fampaharetana isika. Karazany mandeha anjambany ihany ny zavatra atao raha tsy voafaritra tsara ny politika, ny paikady ary ny drafitrasa hitondrana izany fahampaharetana ny tolotra sy fotodrafitrasa RFF izany. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina.*

## 6.2. Rafitra sy fahaiza-manao

*Tokony hisy rafitra mipetraka tsara sy fanamafisana fahaiza-manao matetika sy mifanaraka tsara amin'ny filana raha tiantsika haharitra ny tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina.*

## 6.3. Fandrindrana asa

*Tokony hirindra tsara ny asa sy ireo hetsika RFF rehetra anatin'ny kaominina raha tiantsika haharitra ny tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Maro sy isan-karazany ireo mpiantsehatra na avy amin'ny fanjakana na ireo tsy miankina amin'ny fanjakana izay miasa amin'ny RFF, ary tena ilaina tokoa ny fandrindrana izany mba tsy hisy zavatra hifanipaka na hifamono fa kosa hakany amin'ny fifamenoana sy indrindra ny tanjona iray ny zavatra atao rehetra. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*. Ho hita ao amin'ny tovana (tovana 6) ireo endrika fizarana andraikitra eo amin' ireo mpiantsehatra RFF rehetra hatrany amin'ny nasionaly ka hatraty amin'ny kaominina (Chartes de responsabilité)

## 6.4. Famatsiambola

*Tena ilaina ny famatsiambola mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Maro ireo endrika mety ahazoana famatsiambola ho an'ny RFF fa ireo izay afaka vokarintsika anatiny sy ireo loharanonkarena maharitra no tena tsara trandrahantsika. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 6.5. Fanarahamaso

*Tena ilaina ny fanarahamaso mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Rehefa tsy misy*

*ny fanaraha-maso zavatra anakiray dia mety ho adino na lasa atao antsirambina na koa tsy misy fivoarana intsony ny zavatra iray ary anisan'izany ny tolotra sy ny fotodrafitrasa RFF. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 6.6. Tamberin'andraikitra

*Fitaovana iray tsy tokony hadino ny tamberinandraikitra mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Ny fihainoana ny feon'ireo mpampiasa ny tolotra sy fotodrafitrasa ary manao hetsika mifanaraka amin'izany mba ho fanatsarana hatrany dia tena zava-dehibe ka hahatonga ny tolotra sy fotodrafitrasa RFF haharitra hatrany. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 6.7. Miralenta (genre et inclusion)

*Ny fametrahana ny miralenta amin'ny fomba fisitrahana ireo tolotra sy fotodrafitrasa dia manamafy ireo paikady mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Ny tolotra sy ny fotodrafitrasa dia tokony ezahina hatsaraina hatrany mba hamaly ny filan'ny olona rehetra (taona, mahalahy na mahavavy, ireo endrika fahasambenana, ireo endrika faharefoana) tsy misy havahana raha tiantsika haharitra. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 6.8. Tolotra sy fiovam-pihetsika

*Ny kalitaon'ny tolotra sy ny fiovam-pihetsika dia singa manamafy ireo paikady mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika. Tsinontsinona ny fotodrafitrasa raha toa ka ny olombelona izay tokony hampiasa azy tsy resy lahatra na koa tsy mahay mampiasa izany. Fototry ny fahasimbana sy tsy faharetan'ny fotodrafitrasa RFF anakiray ny fisian'ny fiovam-pihetsika miiba manodidina izany fa indrindra indrindra ny fampiasana arak any tokony ho izy izany. Tafiditra anatin'ny kalitaon'ny tolotra RFF ko any fahamafisan'ny fotodrafitrasa sy ny fahafinaretan'ny olona mampiasa azy (confort). Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 6.9. Tontolo iainana sy ny harenan-drano (ressource en eau)

*Antoka iray mba hampaharitra ireo tolotra sy ireo fotodrafitrasa RFF amin'ny kaominina izay hiandreketantsika ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny harenan-drano. Fantantsika tsara fa miharitra ny rano vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana kanefa tena ilaina sy fototra anatin'ny tolotra RFF ny fisian'ny rano. Ho zaraina amintsika manaraka eo ary ireo hetsika mifandraika amin'izany arakaraka ny andraikitra sahanina*

## 7. Ireo hetsika ho fampaharetana ny tolotra RFF sahanin'ny ben'ny tanana sy ny ekipany

| Politika | Paikady | Drafitrasa |
|---|---|---|
| • Mitady sy mamaky ireo karazana tahirin-kevitra (Documents) samy hafa ilaina momba ny RFF eny anivon'ny kaominina :<br>⇨ Guide des maires, Code de l'Eau<br>• Mametraka miaraka amin'ireo hery velona sy mpiaramiombonantoka amin'ny kaominina ny **Plan Communal de Développement en Eau, Assainissement et Hygiène (PCDEAH)**, tsotra ary mora sy azo ampiasaina anatin'ny fotoana (5 taona dia asiana fanavaozana). Ho hita ao amin'ny tovana (tovana 3) ireo zavatra tokony hita anatin'ny PCDEAH anakiray<br>• Mamoaka miaraka amin'ny Conseil Municipal ny « Arrêtés communaux » mifanaraka amin'izay filana ifotony momba ny RFF | • Mitady ireo hetsika rehetra ahafahana mampidibola ho an'ny RFF (hetra, latsakemboka, sns) ka tsara kokoa raha ireo hetsika ahazoana loharanombola maharitra no hatao laharampahamehana<br>• Mitady ireo tosika rehetra avy amin'ny fanjakana (MEAH, MID) sy ny mpiaramiombon'antoka (tetikasa, sehatra tsy miankina, sns.) mba ahafahan'ny Kaominina manatanteraka araka ny tokony ho izy ny andraikiny amin'ny maha tompon'andraikitrin'ny foto-drafitrasa RFF azy.<br>• Manangana sy manamafy fahaiza-manao ireo komity RFF hitantana sy hampaharitra ireo fotodrafitrasa efa misy.<br>• Manamafy ny resaka RFF anatin'ny kaominina na eny amin'ny ireo birao na ny eny anivon'ny fiarahamonina: ady amin'ny fangerena ankalamanjana, fitantanana ny fako, rano fisotro madio, hetsika fidiovana rehetra | • Manamboatra drafitrasa sy ny tetibola mifanaraka amin' izany ho fanatanterahana ny politika sy ny paikady RFF ka mamaritra mazava-tsara ny tanjona ho tratrarina, ny asa hatao sy ny teti-andro fanatanterahana ary ny tompon'andraikitra. Ho hita ao amin'ny tovana (tovana4) ireo zavatra tokony hita anatin'ny drafitrasa sy tetibola fampaharetana RFF anakiray<br>• Mila mazava anatin'izany drafitrasa izany ny olona miantoka ny fanaraha-maso sy ny fomba fanaraha-maso azy. |

| Rafitra | Fahaiza-manao |
| --- | --- |
| • Mametraka ny rafitra RFF eo anivon'ny kaominina ka ny STEAH no apetraka raha mahafeno ny fepetra mifanaraka amin'izany (arakaraka ny enti-manana misy eo amin'ny kaominina). Raha sanatria tsy ampy ny ho enti-manana dia farafaharatsiny apetraka ny ATEAH na koa mandray ny andraikitra RFF ny ADL.<br>• Mametraka ny SLC sy manamafy ny tokony hisian'ny resaka RFF anatin'izany. Ity rafitra ity no endrika ihany koa hahafahana mampita sy mihaino ny resaka RFF amin'ireo vondron'olona ifotony rehetra izay miandraikitra na miantsehatra amin'ny resaka RFF<br>• Miara-miasa amin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny (Tale sekoly, Chef CSB, sns) mba hametrahana rafitra maty paika momba ny fitantanana sy fampaharetana ny asa RFF eo anivon'ny Sekoly sy ny Tobimpahasalamana (Komitin'ny fahadiovana, Comité scolaire WASH., ...). Ho hita ao amin'ny tovana (tovana5) ireo modely fizarana andraikitra amin' ireo komity mpitantana ny RFF amin'ny sekoly sy tobimpahasalamana. | • Mitady ireo fomba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina mba ahafahany manatanteraka ny andraikiny momba ny RFF izay iantsorohany :<br><br>⇨ Miara-miasa amin'ireo sampan-draharaha hanamafisana ny fahaiza-manao mikasika ny RFF :<br>- DREAH : fahaiza-manao ara-teknika momba ny RFF<br>- INDDL : fahaiza-mitantana (bonne gouvernance)<br>- Service de la Santé Environnement (SSEnv), Service de Maintenance, de Génie Sanitaire et de Santé Environnement (SMGSSE) : fahaiza-manao RFF eny anivon'ny tobi-pahasalamana<br>- Service d'Accès aux Soins (SAS), Responsable de la Santé Scolaire Régional (RSSR). : fahaiza-manao RFF eny anivon'ny sekoly<br><br>• Manamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpanome tolotra sy komity mpitantana RFF mikasika ny fitantanana ireo loharano-karena. Mila hatao matetika io indrindra raha misy ny fiovana amin' ireo tompon'andraikitra.<br><br>• Mitady ny fomba Hamafisina ny fahaiza-manaon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana mikasika ny fanjohiana sy ny fanaraha-maso. |

| Fandrindrana asa | Famatsiambola |
|---|---|
| • Manatona ny Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana rehefa misy tetik'asa atao momba ny RFF.<br>• Manao fivoriana ara-potoana momba ny RFF ao amin'ny Kaominina na koa eo anivon'ny sampan-draharaha voakasik'izany mba:<br><br>⇨ Handrindrana ny fiantomorana (approche), ny paikady ary ny asan'ireo mpiantsehatra ao amin'ny RFF ka hamafisina amin'izany ny fizarana traikefa mahomby amin'ny resaka fampaharetana ho fakana tahaka ho an'ny rehetra.<br>⇨ Hisian'ny fifamenoana amin'ny asa fampaharetana atao sy ireo toerana hiasana<br>⇨ Handraisana fanapahankevitra miaraka izay eken'ny be sy ny maro.<br><br>• Manamafy ny serasera amin' ireo mpiantsehatra sy mpiara-miombonantoka rehetra (Manantona hatrany ny kaominina rehefa misy asa, tetikasa na hetsika hatao mikasika ny RFF eo anivon'ny Kaomina)<br><br>• Apetraka ny fandaminana maty paika momba ny fitantanana ny asa RFF eo amin'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana.<br><br>• Manatona ireo mpiara-miombon'antoka mety hanampy hitrandrahana ireo fiaraha-miasa azo atao : Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana, Fitaliavam-paritry ny Fahasalamam-bahoaka, Fitaliavam-paritry ny Fampianarana<br><br>• Mametraka ny tokony hisian'ny rindrandamina eo anivon'ny SLC mba ahafahana mifanakalo hevitra sy trai-kefa mikasika ny RFF eny anivon'ny sekoly sy ny Tobim-pahasalamana | • Hamafisina ny fisian'ny loharanom-bola maharitra mifandraika amin'ny RFF :<br>⇨ Mampiditra sy mampandany ny vola tokony hatokana ho an'ny RFF anatin'ny kaominina anatin'ny tetibola isan-taonan'ny Kaominina.<br>⇨ Mampitombo fidiram-bola afahana miantoka ny tolotra RFF eny anivon'ny sekoly & Tobi-pahasalamana<br><br>• Mametraka paikady stratejika ho loharano-bola maharitra (toy ny tanana mpirahavavy, fitadiavam-bola, sns.). Tokony hita anatin'izany paikady izany ny hoe iza avy ireo mety ahazoana qfamatsiambola: ny vahoaka, ny mpanjifa, ny mpandraharaha, ny mpiaramiombonantoka, ny fanjakana amin'ny alalan'ireo Ministera mpiahy, sns.<br>• Trandrahana ny fisian'ny loharanom-bola maharitra eo an-toerana mba hamatsiana ny asa momba ny foto-drafitrasa RFF: hetra, latsakemboka, sns.<br>• Ezahana mba hisy fitantanana mampidi-bola sy maharitra ary ahavitana fikojakojana sy fanatsarana ireo foto-drafitrasa RFF.<br>• Hamoraina ny fifandraisan'ny mpamatsy vola, ny mpandraharaha ary ny mpanjifa.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpanome tolotra amin'ny fitantanana mahomby ireo loharanon-karena |

| Fanarahamaso | Tamberin'andraikitra |
| --- | --- |
| • Mametraka rafitra mpanaramaso. Anisan'ny tsara toerana amin' izany ny STEAH/ATEAH sy ny SLC ary izay olona afaka manampy azy amin' izany. Tsara raha isaky ny atanantohatra dia mipetraka hatrany io rafitra mpanaramaso RFF io (Kaominina, fokontany, tanana sy zanan-tanana)<br>• Manamboatra ireo fitaovana entina manaramaso (outils de gestion) hampiasain'ireo rafitra ka miainga amin' ireo drafitrasa napetraka no arahina maso<br>• Atao ny tomban'ezaka ary ampiasaina ireo rafitra fanaraha-maso RFF<br>• Angonina ireo soso-kevitra entina ho fanatsarana aorian'ny fanaraha-maso<br>• Mampiasa haitao vaovao hanatsarana ny kalitaon'ny fanjohiana (ohatra : fampiasana finday, sns) | • Jereo ny fomba rehetra mba hisian'ny tamberin'andraikitra momba ny RFF avy amin'ny kaominina mipaka any amin'ny fiaraha-monina :<br>• Ataovy mazava sy mangarahara amin'ny mpiantsehatra rehetra ny tanjona sy ny tondro-zotra momba ny RFF<br>• Hapetrao ny fomba handraisana ireo soso-kevitra ho fanatsarana ny asa RFF (Mpiantsehatra sy Mpisitraka tombotsoa). Anisan'izany ny fikaonan-doha matetika momba ny RFF eo anivon'ny SLC<br>• Hapetrao ny fitaovana ahafahana mandray ny hevitr'ireo vahoaka mampiasa ny tolotra RFF toy ny vata fandraisana sosokevitra (malalaka)<br>• Asio fotoana hijerena sy handinihina ireo taraina sy sosokevitra RFF ary mandrafitra ny asa sy ezaka tokony hatao mba hamaliana izany<br>• Jereo ny fomba hanamafisina ny fandraisana andraikitra eo amin'ny samy mpanjifa ny tolotra RFF.<br>• Hamafiso ny fanentanana mba hisy fandraisan'andraikitra mavitrika avy amin'ireo « Manam-pahefana sy ny Solo-tenam-panjakana » eo anivon'ny Faritra, Distrika ary ireo mpitarika ara-politika mikasika ny fampiroboroboana sy ny fanatsarana ny tolotra RFF (oh : Famahana olana, Fampaharetana ny tolotra RFF, sns) |

| Miralenta | Tolotra sy fiovam-pihetsika |
| --- | --- |
| • Hatsaraina ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra misitraka sy manara-maso ny tolotra RFF :<br>• Mametraka fotodrafitr'asa mahafeno fepetra ahafahan'ny sokajin'olona rehetra miditra, mampiasa ary misitraka araka ny filany ny foto-drafitr'asa (Lahy, Vavy, Olona manana fahasembanana, Bevohoka, Zaza, Mahantra, sns)<br>• Manome sehatra ny olona rehetra mba ho afaka hitondra ny heviny sy ny fandraisan'anjarany mikasika ny RFF.<br><br>• Mamolavola modely ahafahan'ny sokajin'olona mahantra sy marefo ara-pivelomana miditra ary mampiasa ny foto-drafitr'asa RFF.<br><br>• Hamafisina ny politika sy ny paikady momba ny RFF eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana ka manome lanja manokana ny miralenta sy ny tsy fanavakavahana ara-tsosialy.<br><br>• Jerena manokana ny fitantanana ny fadim-bolana. | • Mitadiava fomba hametrahana fotodrafitrasa sy tolotra RFF mamaly ny filan'ny mpanjifa eo anivon'ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana. Anatin'izany ny fotodrafitrasa ampy araka ny isa ilaina (misaraka ny lahy sy vavy, mifanaraka amin'ny isan'ny mpampiasa azy) ary nohatsaraina hanaraka ny fomba sy izay mety hahafinaritra (ohatra : tsy mamofona raha kabone) sy mora ho an'ny mpanjifa ny mampiasa azy<br>• Atao azo antoka ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra manjifa ny tolotra RFF ao. Izany hoe ireo fotodrafitrasa RFF dia namboarina mba ho mora hampiasan'ny rehetra indrindra ireo manana kilema sy faharefoana.<br>• Tsy maintsy jerena ny fomba hampiasaina amin'ny tokony izy ireo fotodrafitrasa RFF. Ilaina noho izany ny mametraka olona na vondron'olona na fitaovana mora vakiana mba hanampy ireo mpanjifa amin'ny fampiasana tsara sy fikojakojana ny fotodrafitrasa RFF<br>• Tsy maintsy jerena koa ny fomba hampiroboroboina ireo fitondrantena fototra enina ny RFF eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana (jereo guide FSAW, Guide EAW). Tsy azo tsinotsinoavina ity resaka fitondrantena ity fa fototra iray hampaharitra ny fampiasana ireo fotodrafitrasa RFF Tafiditra anatin'izany ny fanamafisana ireo hetsika fanentanana rehetra momba ny RFF<br>• Mitady hevitra sy tetika hanamafisana ny fahresen-dahatry ny ekipa rehetra anaty Kaominina mikasika ny maha zavadehibe ny "Sekoly na Tobi-pasalamana Sakaizan'ny RFF" sy ny fampaharetana izany.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahaizamitarika RFF an'ireo tompon'andraikitra mba hisian'ny fandraisan'anjara mavitrika sy mitohy amin'ireo mpiara-miasa rehetra na ao amin'ny kaominina na ao amin'ny sekoly na eny amin'ny tobimpahasalamana.<br>• Tsy maintsy hamafisina ihany koa ny kalitaon'ny fitantanana ireo foto-drafitr'asa RFF rehetra anatin'ny kaominina. Hamafisina ny modely mahomby mikasika ny fikojakojana sy fampaharetana ny tolotra RFF eo anivon'ny Sekoly sy Tobi-pahasalamana. Misy karazana modely ahafahana mitantana izany hita anaty tovana (tovana 8).<br>• Tsy maintsy mametraka sy miaramiasa amin' ireo afaka manome tolotra fanatsarana fotodrafitrasa koa ny kaominina. Anisan'izany ny mpandraharaha madinika sy |

na vaventy matihanina amin'ny resaka RFF (Teknisiana ifotony, orinasa madinika RFF, orinasa mpamatsy entana RFF, sns). Izy ireny no afaka miara-miasa amin'ny kaominina amin'ny famatsiana ireo kojakoja fanolo sy fanatsarana ireo fotodrafitrasa RFF eny amin' ny Sekoly sy ny Tobi-pahasalamana.

## Tontolo iainana sy ny harenan-drano eo anivon'ny kaominina, sekoly ary tobimpahasalamana

### Fanadihadiana

- Manaova fanadihadiana sy tombana tsotsotra ny mety ahafahan'ireo foto-drafirasa RFF niatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro ka hamafisina anatin'izany ny mikasika ny tahirin-drano na iarenandrano.

### Drafitrasa

- Miezaka mamolavola drafitra'asa ho fananganana, fikojakojana, fanatsarana ary ampaharetana ny foto-drafitrasa sy ny tolotra RFF isan-taona
- Mamolavola drafitrasa ho fiarovana sy fampitomboana ny harenandrano
- Mizara izany drafitr'asa izany any amin'ny Kaominina afahana mampiditra izany eny amin'ny drafitrasa Kaominina

### Asa

- Manangana na manatsara izay foto-drafitra'asa efa misy ka mila mahazaka ny fiovaovan'ny oetr'andro sy ny loza voajanahary izany. Afaka manampy amin'izany ireo teknisiana matihanina iahazo fiofanana eny amin'ny kaominina.
- Mametraka lamina iarahana amin'ny mpiasa eo anivon'ny Sekoly na Tobi-pahasalamana y ny mpisehatra hafa afahana miaro sy manatsara ny harenan-drano. Anisan'ny asa lehibe amin' zany ny fambolenkazo farak'izay betsaka tratra indrindra manodidina ireo loharano.
- Mametraha fomba fiasa mikasika ny fitantanana ny fako izay mikajy ny tontolo iainana
- Mamorona modely hitantanana ny kaboné feno na simba ka mikajy ny tontolo iainana.
- Manao ny hetsika rehetra fanentanana sy fampiharana amin'ny fampiasana sy fitsitsiana raka ny tokony ho izy ny Rano,
- Hatsaraina ny manodidina:

⇨ Foanana ny fangerena an-kalamanjana
⇨ Manangana tontolo maintso, fambolen-kazo, sns
⇨ Asiana fefy ny manodidina ny "Sekoly na ny Tobi-pahasalamana

## 8. Ireo hetsika fampaharetana RFF ho an'ny Mpitarika eny anivon'ny tobimpahasalamana

| Politika | Paikady | Drafitrasa |
|---|---|---|
| • Mitady sy mamaky ireo karazana tahirin-kevitra (Documents) samy hafa ilaina momba ny RFF eny anivon'ny tobimpahasalamana :<br><br>- Torolalana teknika ho an'ny Tobim-pahasalamana Sakaizan'ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana,<br>- Guide 5S,<br>- Guide de gestion et tris des déchets (manuel d'utilisation)<br>- Manuel de procédure de gestion de la dotation CSB,<br>- Code de l'Eau | • Manangana sy manamafy fahaiza-manao ireo komity RFF hitantana sy hampaharitra ireo tolotra sy fotodrafitrasa efa misy.<br>• Miara-miasa amin'ny kaominina amin'ny alalan'ilay komity RFF manao ireo hetsika ahafahana mampidibola ho an'ny RFF eo anivon'ny tobimpahasalamana ka tsara kokoa raha ireo hetsika ahazoana loharanombola maharitra no hatao laharampahamehana<br>• Mitady ireo tosika rehetra avy amin'ny fanjakana (MINSANP, MID) sy ny mpiaramiombon'antoka (tetikasa, sehatra tsy miankina, sns.) mba ahafahan'ny Komity RFF manatanteraka araka ny tokony ho izy ny fampaharetana ny tolotra sy ny fanatsarana fotodrafitrasa RFF eny anivon'ny tobimpahasalamana<br>• Manamafy ny serasera sy ny fiovam-pihetsika takian'ny RFF anatin'ny tobimpahasalamana | • Manamafy ny tokony hisian'ny drafitrasa sy ny tetibola mifanaraka amin'ny politika sy ny paikady RFF tobimpahasalamana hatsangan'ny komity RFF ka mamaritra mazava-tsara ny tanjona ho tratrarina, ny asa hatao sy ny teti-andro fanatanterahana ary ny tompon'andraikitra.<br>• Mila mazava anatin'izany drafitrasa izany ny olona miantoka ny fanaraha-maso sy ny fomba fanaraha-maso azy. |

| Rafitra | Fahaiza-manao |
|---|---|
| • Mametraka ny rafitra mpitantana RFF eo anivon'ny tobimpahasalamana eo ambany fanohanana sy fiarahamiasa akaiky amin'ny kaominina. | • Mitady ireo fomba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Komity RFF tobimpahasalamana mba ahafahany manatanteraka ny andraikiny momba ny RFF izay iantsorohany : Mila hatao matetika io indrindra raha misy ny fiovana amin' ireo tompon'andraikitra.<br><br>• Miara-miasa amin'ireo sampan-draharaha hanamafisana ny fahaiza-manao mikasika ny RFF :<br>- DREAH : fahaiza-manao ara-teknika momba ny RFF<br>- Service de la Santé Environnement (SSEnv),<br>- Service de Maintenance, de Génie Sanitaire et de Santé Environnement (SMGSSE) : fahaiza-manao RFF eny anivon'ny tobi-pahasalamana<br><br>• Manamafy ny fahaiza-manaon'ireo komity mpitantana RFF tobimpahasalamana mikasika ny fitadiavana sy fitantanana ireo loharano-karena (ressources)<br>• Manamafy ny fahaiza-manaon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Tobi-pahasalamana mikasika ny fanjohiana sy ny fanaraha-maso |

| Fandrindrana asa | Famatsiambola |
|---|---|
| • Manatona ny Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana rehefa misy tetik'asa atao momba ny RFF eo anivon'ny tobimpahasalamana<br>• Manatrika ireo fivoriana ara-potoana momba ny RFF eny amin'ny Kaominina na koa eo anivon'ny sampan-draharaha voakasik'izany mba:<br>- Handrindrana ny fiantomorana (approche), ny paikady ary ny asan'ireo mpiantsehatra ao amin'ny RFF ka hamafisina amin'izany ny fizarana traikefa mahomby amin'ny resaka fampaharetana ho fakana tahaka ho an'ny rehetra.<br>- Hisian'ny fifamenoana amin'ny asa fampaharetana atao sy ireo toerana hiasana<br>- Handraisana fanapahankevitra miaraka izay eken'ny be sy ny maro.<br><br>• Miara-miasa amin'ny kaominina amin'ny fametrahana ny fandaminana maty paika momba ny fitantanana ny asa RFF eo amin'ny Tobim-pahasalamana.<br>•<br>• Manatona ireo mpiara-miombon'antoka mety hanampy hitrandrahana ireo fiaraha-miasa azo atao : Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana, Fitaliavam-paritry ny Fahasalamam-bahoaka<br>•<br>• Mandray anjara mavitrika eo anivon'ny SLC mba ahafahana mifanakalo hevitra sy trai-kefa mikasika ny RFF | • Hamafisina ny fisian'ny loharanom-bola maharitra mifandraika amin'ny RFF :<br>• Mitaky sy miady ny hampidirana sy hampandaniana ny vola tokony hatokana ho an'ny RFF anatin'ny kaominina anatin'ny tetibola isan-taonan'ny Kaominina.<br>• Mampitombo fidiram-bola afahana miantoka ny tolotra RFF eny anivon'ny Tobimpahasalamana<br>• Ampidirina ao anatin'ny tetik'asa CSB (subvention) ireo filàna RFF eny anivon'ny CSB<br>• Trandrahana ny fisian'ny loharanom-bola maharitra hataon'ny komity RFF mba ahafahana mamatsy ara-bola ireo asa momba ny tolotra sy foto-drafitrasa RFF eo anivon'ny tobimpahasalamana.<br>• Ezahana mba hisy fitantanana mampidi-bola sy maharitra ary ahavitana fikojakojana sy fanatsarana ireo foto-drafitrasa RFF. Izany hoe tsy atao maimaimpoana ireo tolotra RFF ho an'ny sokajin'olona sasany izay afaka faritana miaraka amin'ny kaominina. Ho hita ao amin'ny tovana (tovana 7) ireo modely fitantanana fotodrafitrasa RFF mety mampiditra vola mba ahafahana mikojakoja sy manatsara izany.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Komity mpitantana ny RFF anaty tobimpahasalamana indrindra amin'ny resaka fitadiavam-bola. |

| Fanarahamaso | Tamberin'andraikitra |
| --- | --- |
| • Ny komity mpitantana dia afaka mametraka io rafitra mpanaramaso io ary iarahana miasa amin'ny kaominina sy ny rafitra misy eo ambony (SDSP)<br>• Manamboatra ireo fitaovana entina manaramaso (outils de gestion) hampiasain'ireo rafitra ka miainga amin' ireo drafitrasa napetraka no arahina maso<br>• Atao ny tomban'ezaka ary ampiasaina ireo rafitra fanaraha-maso RFF teo anivon'ny tobimpahasalamana.<br>• Angonina ireo soso-kevitra entina ho fanatsarana aorian'ny fanaraha-maso<br>• Mampiasa haitao vaovao hanatsarana ny kalitaon'ny fanjohiana (ohatra : fampiasana finday, sns) | • Jereo ny fomba rehetra mba hisian'ny tamberin'andraikitra momba ny RFF avy amin'ny tobimpahasalamana mipaka any amin'ny fiaraha-monina :<br>• Ataovy mazava sy mangarahara amin'ny mpisitraka rehetra ny tolotra momba ny RFF anaty tobimpahasalamana.<br>• Hapetrao ny fitaovana ahafahana mandray ny hevitr'ireo vahoaka mampiasa ny tolotra RFF toy ny vata fandraisana sosokevitra (malalaka) anaty tobimpahasalamana<br>• Asio fotoana hijerena sy handinihina ireo taraina sy sosokevitra RFF ary mandrafitra ny asa sy ezaka tokony hatao mba hamaliana izany<br>• Jereo ny fomba hanamafisina ny fandraisana andraikitra eo amin'ny samy mpanjifa ny tolotra RFF.<br>• Hamafiso ny fanentanana mba hisy fandraisan'andraikitra mavitrika avy amin'ireo « Manam-pahefana sy ny Solo-tenam-panjakana » eo anivon'ny Faritra, Distrika ary ireo mpitarika ara-politika mikasika ny fampiroboroboana sy ny fanatsarana ny tolotra RFF (oh : Famahana olana, Fampaharetana ny tolotra RFF, sns)<br>• |

| Miralenta | Tolotra sy fiovam-pihetsika |
| --- | --- |
| • Hatsaraina ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra misitraka sy manara-maso ny tolotra RFF eny amin'ny tobimpahasalamana<br><br>• Mametraka fotodrafitr'asa mahafeno fepetra ahafahan'ny sokajin'olona rehetra miditra, mampiasa ary misitraka araka ny filany ny foto-drafitr'asa (Lahy, Vavy, Olona manana fahasembanana, Bevohoka, Zaza, Mahantra, sns)<br><br>• Mamolavola miaraka amin'ny kaominina sy izay mpiaramiombonantoka, modely ahafahan'ny sokajin'olona mahantra sy marefo ara-pivelomana miditra ary mampiasa ny foto-drafitr'asa RFF.eny amin'ny tobimpahasalamana<br><br>• Jerena manokana ny fitantanana ny fadim-bolana. | • Mitadiava fomba hametrahana fotodrafitrasa sy tolotra RFF mamaly ny filan'ny mpanjifa eo anivon'ny Tobi-pahasalamana. Anatin'izany ny fotodrafitrasa ampy araka ny isa ilaina (misaraka ny lahy sy vavy, mifanaraka amin'ny isan'ny mpampiasa azy) ary nohatsaraina hanaraka ny fomba sy izay mety hahafinaritra (ohatra : tsy mamofona raha kabone) sy mora ho an'ny mpanjifa ny mampiasa azy<br>• Atao azo antoka ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra manjifa ny tolotra RFF ao. Izany hoe ireo fotodrafitrasa RFF dia namboarina mba ho mora hampiasan'ny rehetra indrindra ireo manana kilema sy faharefoana.<br>• Tsy maintsy jerena ny fomba hampiasaina amin'ny tokony izy ireo fotodrafitrasa RFF. Ilaina noho izany ny mametraka olona na vondron'olona na fitaovana mora vakiana mba hanampy ireo mpanjifa amin'ny fampiasana tsara sy fikojakojana ny fotodrafitrasa RFF anaty tobimpahasalamana<br>• Tsy maintsy jerena koa ny fomba hampiroboroboina ireo fitondrantena fototra enina ny RFF eny anivon'ny Tobim-pahasalamana (jereo guide FSAW). Tsy azo tsinotsinoavina ity resaka fitondrantena ity fa fototra iray hampaharitra ny fampiasana ireo fotodrafitrasa RFF Tafiditra anatin'izany ny fanamafisana ireo hetsika fanentanana rehetra momba ny RFF<br>• Mitady hevitra sy tetika hanamafisana ny fahasesen-dahatry ny ekipa rehetra anaty tobimpahasalamana mikasika ny maha zavadehibe ny " Tobim-pasalamana Sakaizan'ny RFF" sy ny fampaharetana izany.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahaizamitarika RFF an'ireo tompon'andraikitra mba hisian'ny fandraisan'anjara mavitrika sy mitohy amin'ireo mpiara-miasa rehetra eny amin'ny tobimpahasalamana.<br>• Tsy maintsy hamafisina ihany koa ny kalitaon'ny fitantanana ireo foto-drafitr'asa RFF rehetra anatin'ny kaominina. Hamafisina ny modely mahomby mikasika ny fikojakojana sy fampaharetana ny tolotra RFF eo anivon'ny Tobi-pahasalamana. Misy karazana modely ahafahana mitantana izany hita anaty tovana (tovana 8). |

- Tsy maintsy mametraka sy miaramiasa amin' ireo afaka manome tolotra fanatsarana fotodrafitrasa koa ny tobimpahasalamana. Anisan'izany ny mpandraharaha madinika sy na vaventy matihanina amin'ny resaka RFF (Teknisiana ifotony nahazo fiofanana, orinasa madinika mpamokatra RFF, orinasa mpamatsy entana RFF, sns). Izy ireny no afaka miara-miasa amin'ny tobimpahasalamana miaraka amin'ny kaominina amin'ny famatsiana ireo kojakoja fanolo sy fanatsarana ireo fotodrafitrasa RFF eny amin'ny Tobi-pahasalamana.

## Tontolo iainana sy ny harenan-drano eo anivon'ny kaominina, sekoly ary tobimpahasalamana

### Fanadihadiana

- Manaova fanadihadiana sy tombana tsotsotra ny mety ahafahan'ireo foto-drafirasa RFF miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro ka hamafisina anatin'izany ny mikasika ny tahirin-drano na harenandrano.

### Drafitrasa

- Miezaka mamolavola drafitra'asa ho fananganana, fikojakojana, fanatsarana ary fampaharetana ny foto-drafitrasa sy ny tolotra RFF isan-taona
- Mamolavola drafitrasa ho fiarovana sy fampitomboana ny harenandrano
- Mizara izany drafitr'asa izany any amin'ny Kaominina afahana mampiditra izany eny amin'ny drafitrasa Kaominina

### Asa

- Manangana na manatsara izay foto-drafitra'asa efa misy ka mila mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny loza voajanahary izany. Afaka manampy amin'izany ireo teknisiana matihanina nahazo fiofanana eny amin'ny kaominina.
- Mametraka lamina iarahana amin'ny mpiasa eo anivon'ny Sekoly na Tobi-pahasalamana sy ny mpisehatra hafa afahana miaro sy manatsara ny harenan-drano. Anisan'ny asa lehibe amin' izany ny fambolenkazo farak'izay betsaka tratra indrindra manodidina ireo loharano.
- Mametraha fomba fiasa mikasika ny fitantanana ny fako izay mikajy ny tontolo iainana
- Mamorona modely hitantanana ny kaboné feno na simba ka mikajy ny tontolo iainana.
- Manao ny hetsika rehetra fanentanana sy fampiharana amin'ny fampiasana sy fitsitsiana araka ny tokony ho izy ny Rano,
- Hatsaraina ny manodidina:

⇨ Foanana ny fangerena an-kalamanjana
⇨ Manangana tontolo maintso, fambolen-kazo, sns
⇨ Asiana fefy ny manodidina ny "Sekoly na ny Tobi-pahasalamana

## 9. Ireo hetsika fampaharetana RFF ho an'ny Mpitarika eny anivon'ny sekoly

| Politika | Paikady | Drafitrasa |
|---|---|---|
| • Mitady sy mamaky ireo karazana tahirin-kevitra (Documents) samy hafa ilaina momba ny RFF eny anivon'ny sekoly :<br><br>⇨ Torolalana teknika ho an'ny Sekoly Sakaizan'ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana,<br>⇨ Code de l'Eau | • Manangana sy manamafy fahaiza-manao ireo komity RFF hitantana sy hampaharitra ireo tolotra sy fotodrafitrasa efa misy.<br>• Miara-miasa amin'ny kaominina amin'ny alalan'ilay komity RFF sy FEFFI ary FRAM manao ireo hetsika ahafahana mampidibola ho an'ny RFF eo anivon'ny sekoly ka tsara kokoa raha ireo hetsika ahazoana loharanombola maharitra no hatao laharampahamehana<br>• Mitady ireo tosika rehetra avy amin'ny fanjakana (MEN, MID) sy ny mpiaramiombon'antoka (tetikasa, sehatra tsy miankina, sns.) mba ahafahan'ny Komity RFF manatanteraka araka ny tokony ho izy ny fampaharetana ny tolotra sy ny fanatsarana fotodrafitrasa RFF eny anivon'ny sekoly<br>• Manamafy ny serasera sy ny fiovam-pihetsika takian'ny RFF anatin'ny sekoly | • Manamafy ny tokony hisian'ny drafitrasa sy ny tetibola mifanaraka amin'ny politika sy ny paikady RFF sekoly hatsangan'ny komity RFF ka mamaritra mazava-tsara ny tanjona ho tratrarina, ny asa hatao sy ny teti-andro fanatanterahana ary ny tompon'andraikitra.<br>• Mila mazava anatin'izany drafitrasa izany ny olona miantoka ny fanaraha-maso sy ny fomba fanaraha-maso azy. |

| Rafitra | Fahaiza-manao |
| --- | --- |
| • Mametraka ny rafitra mpitantana RFF eo anivon'ny sekoly eo ambany fanohanana sy fiarahamiasa akaiky amin'ny kaominina. | • Mitady ireo fomba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Komity RFF sekoly mba ahafahany manatanteraka ny andraikiny momba ny RFF izay iantsorohany : Mila hatao matetika io indrindra raha misy ny fiovana amin' ireo tompon'andraikitra.<br><br>• Miara-miasa amin'ireo sampan-draharaha hanamafisana ny fahaiza-manao mikasika ny RFF :<br>• DREAH : fahaiza-manao ara-teknika momba ny RFF<br>• Service d'Accès aux Soins (SAS), Responsable de la Santé Scolaire Régional (RSSR) . : fahaiza-manao RFF eny anivon'ny sekoly<br><br>• Manamafy ny fahaiza-manaon'ireo komity mpitantana RFF sekoly mikasika ny fitadiavana sy fitantanana ireo loharano-karena (ressources)<br>• Manamafy ny fahaiza-manaon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny sekoly mikasika ny fanjohiana sy ny fanaraha-maso |

| Fandrindrana asa | Famatsiambola |
|---|---|
| • Manatona ny Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana rehefa misy tetik'asa atao momba ny RFF eo anivon'ny sekoly<br>• Manatrika ireo fivoriana ara-potoana momba ny RFF eny amin'ny Kaominina na koa eo anivon'ny sampan-draharaha voakasik'izany mba:<br>- Handrindrana ny fiantomorana (approche), ny paikady ary ny asan'ireo mpiantsehatra ao amin'ny RFF ka hamafisina amin'izany ny fizarana traikefa mahomby amin'ny resaka fampaharetana ho fakana tahaka ho an'ny rehetra.<br>- Hisian'ny fifamenoana amin'ny asa fampaharetana atao sy ireo toerana hiasana<br>- Handraisana fanapahankevitra miaraka izay eken'ny be sy ny maro.<br>• Miara-miasa amin'ny kaominina amin'ny fametrahana ny fandaminana maty paika momba ny fitantanana ny asa RFF eo amin'ny Sekoly<br>• Manatona ireo mpiara-miombon'antoka mety hanampy hitrandrahana ireo fiaraha-miasa azo atao : Fitaliavam-paritry ny Rano, Fanadiovana ary Fidiovana, Fitaliavam-paritry ny Fampianarana<br>• Mandray anjara mavitrika eo anivon'ny SLC mba ahafahana mifanakalo hevitra sy trai-kefa mikasika ny RFF | • Hamafisina ny fisian'ny loharanom-bola maharitra mifandraika amin'ny RFF :<br>• Mitaky sy miady ny hampidirana sy hampandaniana ny vola tokony hatokana ho an'ny RFF anatin'ny kaominina anatin'ny tetibola isan-taonan'ny Kaominina.<br>• Mampitombo fidiram-bola afahana miantoka ny tolotra RFF eny anivon'ny sekoly<br>• Ampidirina ao anatin'ny tetik'asa FEFFI ireo filàna RFF eny anivon'ny Sekoly.<br>• Trandrahana ny fisian'ny loharanom-bola maharitra hataon'ny komity RFF mba ahafahana mamatsy ara-bola ireo asa momba ny tolotra sy foto-drafitrasa RFF eo anivon'ny Sekoly.<br>• Hamafisina ny fanaovana latsakemboka isan-taona mba ahafahana miantoka ny lany amin'ny resaka RFF eny anivon'ny sekoly.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Komity mpitantana ny RFF anaty Sekoly indrindra amin'ny resaka fitadiavam-bola. |

| Fanarahamaso | Tamberin'andraikitra |
| --- | --- |
| • Chef ZAP no manao fanjohina sy tan-tsoroka ny fanatanterahana ny drafitr'asa napetraka mitondra any amin'ny toromarika fananganana, fanarenana ary fampaharetana<br>• Kaominina/Talen-tsekoly : Manao sy mizara ny tatitra mikasika ny RFF eny anivon'ny sekoly<br>• Manamboatra ireo fitaovana entina manaramaso (outils de gestion) hampiasain'ireo rafitra ka miainga amin' ireo drafitrasa napetraka no arahina maso<br>• Atao ny tomban'ezaka ary ampiasaina ireo rafitra fanaraha-maso RFF teo anivon'ny tobimpahasalamana.<br>• Angonina ireo soso-kevitra entina ho fanatsarana aorian'ny fanaraha-maso<br>• Mampiasa haitao vaovao hanatsarana ny kalitaon'ny fanjohiana (ohatra : fampiasana finday, sns) | • Jereo ny fomba rehetra mba hisian'ny tamberin'andraikitra momba ny RFF avy amin'ny sekoly mipaka any amin'ny fiaraha-monina :<br>• Ataovy mazava sy mangarahara amin'ny mpisitraka rehetra ny tolotra momba ny RFF anaty sekoly.<br>• Hapetrao ny fitaovana ahafahana mandray ny hevitr'ireo mpisitraka ny tolotra RFF toy ny vata fandraisana sosokevitra (malalaka) anaty sekoly<br>• Asio fotoana hijerena sy handinihina ireo taraina sy sosokevitra RFF ary mandrafitra ny asa sy ezaka tokony hatao mba hamaliana izany<br>• Jereo ny fomba hanamafisina ny fandraisana andraikitra eo amin'ny samy mpanjifa ny tolotra RFF.<br>• Hamafiso ny fanentanana mba hisy fandraisan'andraikitra mavitrika avy amin'ireo « Manam-pahefana sy ny Solo-tenam-panjakana » eo anivon'ny Faritra, Distrika ary ireo mpitarika ara-politika mikasika ny fampiroboroboana sy ny fanatsarana ny tolotra RFF (oh : Famahana olana, Fampaharetana ny tolotra RFF, sns) |

| Miralenta | Tolotra sy fiovam-pihetsika |
|---|---|
| • Hatsaraina ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra misitraka sy manara-maso ny tolotra RFF eny amin'ny sekoly<br><br>• Mametraka fotodrafitr'asa mahafeno fepetra ahafahan'ny sokajin'olona rehetra miditra, mampiasa ary misitraka araka ny filany ny foto-drafitr'asa (Lahy, Vavy, Olona manana fahasembanana, Bevohoka, Zaza, Mahantra, sns)<br><br>• Jerena manokana ny fitantanana ny fadim-bolana. | • Mitadiava fomba hametrahana fotodrafitrasa sy tolotra RFF mamaly ny filan'ny mpanjifa eo anivon'ny Tobi-pahasalamana. Anatin'izany ny fotodrafitrasa ampy araka ny isa ilaina (misaraka ny lahy sy vavy, mifanaraka amin'ny isan'ny mpampiasa azy) ary nohatsaraina hanaraka ny fomba sy izay mety hahafinaritra (ohatra : tsy mamofona raha kabone) sy mora ho an'ny mpanjifa ny mampiasa azy<br>• Atao azo antoka ny fahafan'ny sokajin'olona rehetra manjifa ny tolotra RFF ao. Izany hoe ireo fotodrafitrasa RFF dia namboarina mba ho mora hampiasan'ny rehetra indrindra ireo manana kilema sy faharefoana.<br>• Tsy maintsy jerena ny fomba hampiasaina amin'ny tokony izy ireo fotodrafitrasa RFF. Ilaina noho izany ny mametraka olona na vondron'olona na fitaovana mora vakiana mba hanampy ireo mpanjifa amin'ny fampiasana tsara sy fikojakojana ny fotodrafitrasa RFF anaty tobimpahasalamana<br>• Tsy maintsy jerena koa ny fomba hampiroboroboina ireo fitondrantena fototra enina ny RFF eny anivon'ny Tobim-pahasalamana (jereo guide FSAW). Tsy azo tsinotsinoavina ity resaka fitondrantena ity fa fototra iray hampaharitra ny fampiasana ireo fotodrafitrasa RFF Tafiditra anatin'izany ny fanamafisana ireo hetsika fanentanana rehetra momba ny RFF<br>• Mitady hevitra sy tetika hanamafisana ny fahatsesen-dahatry ny ekipa rehetra anaty tobimpahasalamana mikasika ny maha zavadehibe ny " Tobim-pasalamana Sakaizan'ny RFF" sy ny fampaharetana izany.<br>• Mitady hevitra hanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahaizamitarika RFF an'ireo tompon'andraikitra mba hisian'ny fandraisan'anjara mavitrika sy mitohy amin'ireo mpiara-miasa rehetra eny amin'ny tobimpahasalamana.<br>• Tsy maintsy hamafisina ihany koa ny kalitaon'ny fitantanana ireo foto-drafitr'asa RFF rehetra anatin'ny kaominina. Hamafisina ny modely mahomby mikasika ny fikojakojana sy fampaharetana ny tolotra RFF eo anivon'ny Tobi-pahasalamana. Misy karazana modely ahafahana mitantana izany hita anaty tovana (tovana 8).<br>• Tsy maintsy mametraka sy miaramiasa amin' ireo afaka manome tolotra fanatsarana fotodrafitrasa koa ny tobimpahasalamana. Anisan'izany ny mpandraharaha |

madinika sy na vaventy matihanina amin'ny resaka RFF (Teknisiana ifotony nahazo fiofanana, orinasa madinika mpamokatra RFF, orinasa mpamatsy entana RFF, sns). Izy ireny no afaka miara-miasa amin'ny tobimpahasalamana miaraka amin'ny kaominina amin'ny famatsiana ireo kojakoja fanolo sy fanatsarana ireo fotodrafitrasa RFF eny amin'ny Tobi-pahasalamana.

## Tontolo iainana sy ny harenan-drano eo anivon'ny kaominina, sekoly ary tobimpahasalamana

### Fanadihadiana

- Manaova fanadihadiana sy tombana tsotsotra ny mety ahafahan'ireo foto-drafirasa RFF miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro ka hamafisina anatin'izany ny mikasika ny tahirin-drano na harenandrano.

### Drafitrasa

- Miezaka mamolavola drafitra'asa ho fananganana, fikojakojana, fanatsarana ary fampaharetana ny foto-drafitrasa sy ny tolotra RFF isan-taona
- Mamolavola drafitrasa ho fiarovana sy fampitomboana ny harenandrano
- Mizara izany drafitr'asa izany any amin'ny Kaominina afahana mampiditra izany eny amin'ny drafitrasa Kaominina

### Asa

- Manangana na manatsara izay foto-drafitra'asa efa misy ka mila mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny loza voajanahary izany. Afaka manampy amin'izany ireo teknisiana matihanina nahazo fiofanana eny amin'ny kaominina.
- Mametraka lamina iarahana amin'ny mpiasa eo anivon'ny Sekoly na Tobi-pahasalamana sy ny mpisehatra hafa afahana miaro sy manatsara ny harenan-drano. Anisan'ny asa lehibe amin' izany ny fambolenkazo farak'izay betsaka tratra indrindra manodidina ireo loharano.
- Mametraha fomba fiasa mikasika ny fitantanana ny fako izay mikajy ny tontolo iainana
- Mamorona modely hitantanana ny kaboné feno na simba ka mikajy ny tontolo iainana.
- Manao ny hetsika rehetra fanentanana sy fampiharana amin'ny fampiasana sy fitsitsiana araka ny tokony ho izy ny Rano,
- Hatsaraina ny manodidina:

⇨ Foanana ny fangerena an-kalamanjana
⇨ Manangana tontolo maintso, fambolen-kazo, sns
⇨ Asiana fefy ny manodidina ny "Sekoly na ny Tobi-pahasalamana

# Tovana

Tovana 1: Maso-tsivan'ny Tobi-pahasalamana Sakaizan'ny RFF

| Tobim-pahasalamana |
|---|
| **Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF** : Tobin-pahasalamana izay ahitana mpiasan'ny fahsalamana mampihatra ireo fihetsika 06 mandritran'ny fanaovany ny asany an-davan'andro :<br>• Fanasan-tanana amin'ny savony amin'ny fotoana tokony hanaovana izany<br>• Fampiasana ny lavadrano madio<br>• Fitahirizana ny rano azo sotroina manomboka amin'ny fampiasana ka hatramin'ny fanjifana azy<br>• Fitantanana ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana<br>• Fitantanana ny fako eny amin'ny tobim-pahasalamana<br>• Fanadiovana sy famonoana ireo otrikaretina eny amin'ny tobim-pahasalamana<br><br>**Fepetra fanamarinana :**<br><br>**Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF - Dingana I**<br>Izay ahitana :<br>➢ Mpiasan'ny Tobim-pahasalamana sy mpanentana ara-pahasalamana voaofana tamin'ny RFF<br>➢ Foto-drafitr'asa sy fitaovana mahakasika ny Rano, fidiovana ary ny fanadiovana :<br>▪ Fisian'ny rano fisotro madio ;<br>▪ Fahafahan'ny mpiasan'ny Fahasalamana misitra rano madio ;<br>▪ Fahafahan'ny mpampiasa ny tobim-pahasalamana amin'ny rano fisotro madio ;<br>▪ Fisian'ny rano ao amin'ny efitrano fitsaboana na eo akaikiny ;<br>▪ Ny fisian'ny siny fitahirizana madio sy voasarona<br>▪ Ny fisian'ny lava-piringa, madio, tsy misy lalitra (lavaka voasarona, tsy misy diky hita maso) ary ampiasaina:<br>  ▪ Azo idiranan'ny mpiasan'ny fahasalamana<br>  ▪ Azo idiran'ireo mpampiasa ny tobim-pahasalamana<br>  ▪ Misy fitaovana fikojakojana<br>▪ Misy fitaovana fanasan-tanana<br>  ▪ Azo ampiasaina<br>  ▪ Miaraka amin'ny savony<br>  ▪ Eo akaiky tsy latsaky ny 5 metatra miala ny lavadrano<br>  ▪ Ao amin'ny efitrano fitsaboana na akaikiny<br>  ▪ Azo idiranan'ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpampiasa ny tobim-pahasalamana<br>▪ Misy trano fidiovana:<br>  ▪ Azo idiranan'ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpampiasa ny tobim-pahasalamana<br>  ▪ Misy rano sy savony ary dabam-pako misy tafo |

| Tobim-pahasalamana |
| --- |
| ▪ Ny fisian'ny fitantanana ny fako avy nanmpiasaina tao amin'ny efi-trano fitsaboana sy fizahana sy ny fitantanana ny rano maloto:<br>▪ Ny fisian'ny kaontenera misy kaody<br>▪ Ny fisian'ny fitaovana fanafoanana DI sy PT miasa<br>▪ Ny fisian'ny EPI (akanjo, saron-tava, fonon-tanana, sns.)<br>▪ Ny fisian'ny fitaovana fanadiovana ny oreikaretina toy ny siny, kifafa, otrikaretina.<br>➢ Fampitana ireo hafatra fototra 06 mahakasika ny RFF eny amin'ny Tobim-pahasalamana :<br>▪ Mpiasan'ny Tobim-pahasalamana sy Mpanentana ara-pahasalamana voaofanana mahakasika ny RFF<br>▪ Fisian'ny tetiandro mahakasika ny fanentanana eny anivon'ny fiaraha-monina mahakasika ireo hafatra fototra 6 momba ny RFF<br>▪ Fanentanana momba ny fitondrantena fototra 6 eo amin'ny fiaraha-monina, miaraka amin'ny komity WASH eo an-toerana<br>▪ Fanaparitahana ny fitaovana IEC mahakasika ny WASH<br>▪ Fanangonana ireo traikefa mahomby ataon'ny mpisehatra amin'ny paikady sy fomba fiasa vaovao momba ny teknolojia eo an-toerana<br>▪ Fampiharana ary fampahafantarana ireo paikady misy fiantraikany amin'ny fiovan'ny fitondran-tena<br>▪ Fampiharana ary fanaparitahana ireo teknolojia vaovao mahakasika ny fotodrafitrasa eo an-toerana<br>▪ Fisian'ny paikady fampaharetana momba ny RFF :<br>▪ Fandraisan'anjaran'ny SDSP (CSB, CHRD) na DRSP (CHU, CHRR), amin'ny fanantanterahana ny ireo hetsika st paikady RFF, hatrany am-piandohan'ny ka hatrany amin'ny dingana farany.<br>    ▪ Fitsinjaran'asa amin'ny fampiharana ireo fihetsika 6 fototra ary ny fikojakojana ny fotodrafitrasa.<br>▪ Fanaraha-maso sy tomban'ezaka :<br>    ▪ Fanaovana "auto-évaluation" tsindraindray momba ny WASH<br>    ▪ Fanitsiana sy fanatsarana ny drafitrasa araka ny vokatry ny "auto-évaluation" (IEC/CCC sy ny fikojakojana ny fotodrafitrasa)<br>    ▪ Fananganana sy famahanana tsy tapaka ny "FANAOVANA fahatsiarovana";<br>    ▪ Ny fisian'ny fomba famindrana fahaiza-manao amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana vao voatendry rehefa tonga izy ireo<br>    ▪ Fanaraha-maso ny fanatanterahana ny drafitrasa.<br>▪ Tatitra:<br>    ▪ Tatitra momba ny hetsika natao any amin'ny ambaratonga ambony<br>▪ Fampiharana ireo fitondrantena fototra enina:<br>    ▪ Fampiasana rano fisotro madio<br>    ▪ Fampiasana lavadrano madio<br>    ▪ Fanasan-tanana amin'ny savony<br>    ▪ Fampiharana ireo paikady fototra mahakasika ny fitantanana ny fadimbolana<br>    ▪ Fitantanana ny fako ara-pahasalamana sy ny rano maloto<br>    ▪ Fanadiovana sy famonoana otrikaretina |

| Tobim-pahasalamana |
| --- |
| **Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF - Dingana II**<br>Ho fanampin'ny fepetra FSAW I voalaza etsy ambony, dia misy ihany koa ny fisian'ny:<br>▪ Fantsakana na lavaka fantsakana misy paompy na fampifandraisana amin'ny alalan'ny tambajotra fizarana<br>• Mahazaka fitahirizana ampy ho an'ny filana mihoatra ny iray andro.<br>▪ Lavapiringa misy "syphon" sy "fosse septique";<br>▪ Fanasana tanana :<br>• misy paompy<br>• Koveta fanasan-damba/fandoroana: koveta misy paompy azo ampiasaina<br>▪ Fanamarinana RFF (araka ny ambaratonga roa) raha feno ny fepetra |

## Tovana 2: Maso-tsivan'ny Sekoly Sakaizan'ny RFF

| SEKOLY |
|---|
| **Sekoly sakaizan'ny RFF – Dingana I**<br>Sekoly izay ahitana :<br><br>▪ Rano fisotro,<br>▪ fitaovana fanasan-tanana misy savony,<br>▪ trano fidiovana tsy misy lalitra),<br>▪ Toerana fanangonana fako,<br><br>▪ Mpampianatra nahazo fiofanana sy ny fahaiza-manao momba ny rano, ny fahadiovana ary ny fahadiovana.<br>▪ Lohahevitra mifandraika amin'ny Rano, ny fahadiovana ary ny fahadiovana aparitaka amin'ny alalan'ny fitaovana hita maso sy/na akora mivaingana.<br>▪ Komitin'ny WASH voaofana<br>▪ Asa fanentanana ataon'ny ny mpampianatra, ny mpianatra dia momba ny :<br>  • Fisotroana rano madio,<br>  • Fampiasana isan'andro sy fanadiovana ny trano fidiovana efa misy<br>  • Fanasan-tanana amin'ny savony/lavenona. |

## Tovana 3: Ireo zavatra tokony hita anatin'ny PCDEAH anakiray

FEHIN'ILAY DRAFITRA (PCDEAH°

FAMPIDIRANA SY FOMBA NENTINA NANDRAFITRA NY PCDEAH
Teny fampidirana
Dingana sy fomba fiantomorana nampiasaina
- Famaritana ny PCDEAH
- Tanjon'ny PCDEAH
- Dingana narahina, ny asa ary ny vokatra andrasana

**FIZARANA VOALOHANY :** NY TOEJAVATRA MISY ANATIN'NY KAOMININA
1.1 Toerana ara-jeografika
1.2 Toetra ara- biofizika
    Toetran'ilay toerana
    TOETRANDRO
    Toetran'ny hydrologique sy hydrogeologique
    Pedology
    Habetsaky ny zavamaniry
1.3 Toetran'ny mponina
    Isa sy toetran'ny mponina
    Fizarazaran'ny mponina
1.4 Sehatra ara-toekarena
    FAMBOLENA
    Fiompiana
    JONO
    VAROTRA
    Ireo asa fihariana hafa

1.5 Ireo Tolotra ara-tsosialy
    FAMPIANARANA
    FAHASALAMANA
    ANGOVO
    Fitaovam-pitaterana
    Serasera
    Fiarovana
    Sehatra ara-pivavahana sy ara-kolontsaina

1.6 Rafitra ahafahana misehatra

**FIZARANA FAHAROA :** MOMBA NY RANO FANADIOVANA SY FIDIOVANA (RFF)
2.1. Momba ny rano (fampahalalana momba ny kalitao sy ny habetsany)
2.1.1. Loharanon-drano
    Rano ambanin'ny tany
    Rano ambonin'ny tany
    GIRE na fitantanana maharitra ny loharanondrano (conflit d'usage, PPOC, PPRE)
2.1.2. Fotodrafitrasa efa misy
2.1.3. Fisitrahana rano fisotro madio
    Ny tahan'ny fisitrahana Rano fisotro madio araka ny famaritana ny MEEH

Ny haavon'ny tolotra araka ny ODD
Karazana Tolotra (teny fototra : fampiasana sy fanodinana)
2.1.4. Fomba fitantanana (rafitra ahafahana misehatra)
2.1.5. Fandaminana ny andrim-panjakana
2.2. Momba ny resaka Fanadiovana
2.2.1. Fitantanana ny diky
Trano fidiovana isam-pianakaviana
Trano fidiovana eo amin' ireo andrim-panjakana (institutions)
Ny haavon'ny tolotra araka ny ODD (isam-pianakaviana sy andrim-panjakana)
2.2.2. Fitantanana ny fako ao an-tokantrano (fanariana ny fako isan-tokantrano sy ny fako iombonana)
2.2.3. Fitantanana ny famoahana rano (rano maloto sy ranonorana)
2.2.4. Karazana tolotra
2.2.5. Fomba fitantanana
2.2.6. Fandaminana ny andrim-panjakana
2.3. Momba ny Fidiovana
2.3.1. Sata ODF (Tanana madio)
2.3.2. Fidiovan'ny vatana
2.3.3. Fidiovana ao an-tokantrano
2.3.4. Fahadiovana ara-tsakafo
2.3.5. Fahadiovana ny tontolo iainana
2.3.6. Fanasan-tanana amin'ny savony
2.3.7. Fitantanana sy fahasalamana mandritra ny fadimbolana
2.3.8. Fikajiana ny rano fisotro ho madio hatrany
2.3.9. Ny fandaminana andrim-panjakana (sekoly sakaizan'ny RFF, CSB sakaizan'ny RFF, Komity RFF, sns.)
2.3.10. Tolotra efa misy
2.4. Famakafakana olana
Rano fisotro madio
Fanadiovana
Fidiovana
Fitantanam-pitondrana (Gouvernance)
PPP (Fiarahamiombonantoka Fanjakana sy Sehatra tsy miankina)
Fiovana fitondran-tena

**FIZARANA FAHATELO :** DRAFITRY NY FAMPIASAM-BOLAN'NY KAOMININA

TOVANA

Tovana 4 : Drafitr'asa sy tetibola modely Fampaharetana ny Sekoly Sakaizan'ny RFF

- Drafitr'asa sy tetibola modely Fampaharetana ny "Tobim-pahasalamana Sakaizan'ny RFF

| Tanjona | Asa atao | Loharanon-karena | Tompon'andraikitra | Daty | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | Hanombohana | Fiarafana |
| Manome tolotra RFF maharitra | Manangana fotodrafitrasa RFF mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro (Manao vovo Mampiditra paompy Manangana Kaboné) | Mitady manampahaizaina manokana manana traik'efa amin'ny fananganana fotodrafitr'asa mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro ary mifanaraka amin'ny zava-misy eny an-toerana (Kolotsaina, fomba amam-panao,) | Kaominina Mpiara-miombon'antoka | | |
| | Mikojakoja fotodrafitrasa | ▪ Mitady teknisiana EAH,<br>▪ Manangana STEAH/ATEAH<br>▪ Manofana tekinisiana eo an-toerana<br>▪ Mitady ireo loharanom-bola maharitra | ATEAH/STEAH | | |
| | Mametraka fomba fitantanana maharitra ny fotodrafitrasa | ▪ Mitady izay ho tompon'andraikitry ny fitantanana ny fotodrafitr'asa<br>▪ Manofana ireo tompon'andraikitra momban'ny fitantanana<br>▪ Mamaritra mazava tsara ireo loharanom-bola maharitra<br>▪ Mitady ireo loharanom-bola: | Kaominina Mpiara-miombon'antoka | | |

| | | |
|---|---|---|
| | - Mandresilahatra ireo mpiara-miombon'antoka<br>- Mitrandraka ireo loharanom-bola azo am-piasaina RFF eo anivon'ny Kaomina (Hetra Rano, Subvention isan-karazany,…) | |

Tovana 5:  ireo modely fizarana andraikitra amin’ ireo komity mpitantana ny RFF amin’ny sekoly sy tobimpahasalamana. (TDR komity RFF)

## Tovana 6: ireo endrika fizarana andraikitra eo amin' ireo mpiantsehatra RFF rehetra hatrany amin'ny nasionaly ka hatraty amin'ny kaominina (Chartes de responsabilité)

| Mpiantsehatra | Asa sy andraikitra |
|---|---|
| **MEAH** | ▪ Mampihantra ry manao tan-tsoroka hampiharana ny politika sy ny paik'ady ho fampiroboroboana ny RFF<br>▪ Mametrameka ireo rafitra misehatra amin'ny RFF (ATEAH, STEAH…)<br>▪ Mandamina ary mandrindra ny mpiantsehatra sy ny asa rehetra RFF |
| **MSANP** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa sy ny teti-bola isan-taonan'ny MSANP<br>▪ Manara-maso sy manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra<br>▪ Manao tan-tsoroka ny hetsika fampiroboroboana ny RFF eny anivon'ny Tobi-pahasalamana (Fitadiavana lalam-bola, mpiara-miombon'antoka…)<br>▪ Mikaroka ary mandresy lahatra ireo mpiara-miombon'antoka ho fanatsara ny RFF eo anivon'ny Tobipahasalamana<br>▪ Mandamina ary mandrindra ny hestika / asa RFF<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany eo anivon'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra |
| **MEN** | ▪ Mitarika ny hestika RFF eny anivon'ny sekoly<br>▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny minisitera<br>▪ Mikaroka ary mandresy lahatra ireo mpiara-miombon'antoka ho fanatsara ny RFF eo anivon'ny sekoly<br>▪ Mandamina ary mandrindra ny hestika sy asa RFF<br>▪ Manara-maso sy manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany eo anivon'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra |
| **MID** | ▪ Manao tantsoroka amin'ny<br>  o Fanatanterahana ny vina RFF ny Kaominina<br>  o fanatsarana ny tolotra RFF syn y maha tompon'antoky ny drafitr'asa RFF<br>  o Fitadiavana loharanon-karena (ao anatiny sy any ivelany) |

| | |
|---|---|
| | o Fanetsiketsehana ireo mpiara-miombon'antoka<br>▪ Mandrindra ny hetsika RFF miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka (STD, CTD, Partenaires...)<br>▪ Manara-maso |
| **Partenaires** | Manao tan-tsoroka ara<br>▪ Tekinika<br>▪ Ara-bola<br>▪ Ara-pitantanana |
| **Secteur Privé** | ▪ Manao tan-tsoroka sy tolotra amin'ny asa:<br>o Fananganana,<br>o Fanatsarana,<br>o Fikojakojana,<br>o Fitantanana fotodrafitr'asa, |
| **OSC** | ▪ Manara-maso<br>▪ Manao tan-tsoroka amin'ny akisisika ho fanatsarana ny tolotra RFF<br>▪ Manao tatitra amin'y mpisitraka |
| **DREAH** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny DREAH<br>▪ Mandresy lahatra sy mikaroka mpiara-miombon'antoka ho fanatsara sy fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny sekoly<br>▪ Mandamina, mandrindra, manara-maso ary manome tantsoroka ho fampiroboroboana ary fampaharetana ny tolotra RFF<br>▪ Manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **DREN** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny DREN<br>▪ Mandresy lahatra sy mikaroka mpiara-miombon'antoka ho fanatsara sy fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny sekoly<br>▪ Mandamina, mandrindra, manara-maso ary manome tantsoroka ho fampiroboroboana ary fampaharetana ny tolotra RFF<br>▪ Manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra (ZAP, Komity WASH…)<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **DRSP** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny DRSP |

| | |
|---|---|
| | ▪ Mandresy lahatra sy mikaroka mpiara-miombon'antoka ho fanatsara sy fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny Tobi-pahasalamana<br>▪ Mandamina, mandrindra, manara-maso ary manome tantsoroka ho fampiroboroboana ary fampaharetana ny tolotra RFF<br>▪ Manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra (Mpiasan'ny fahasalamana, …)<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **Région** | ▪ Mandrindra ny hetsika RFF miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka (STD, CTD, Partenaires,)<br>▪ Manara-maso, manao tan-tsoroka ary manao tatitra ara-potoana |
| **District** | ▪ Mandrindra ny hetsika RFF miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka (STD, CTD, Partenaires...)<br>▪ Manara-maso, manao tan-tsoroka ary manao tatitra ara-potoana |
| **CISCO** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny Fari-piadidiam-pampianarana (CISCO)<br>▪ Mandresy lahatra sy mikaroka mpiara-miombon'antoka ho fampiroboroboana, fanatsara ary fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny sekoly<br>▪ Mandamina, mandrindra, manara-maso ny fanatanterahana ireo lamin'asa RFF<br>▪ Manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Fari-piadidiam-pampianarana (CISCO)<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **SDSP** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny SDSP<br>▪ Mandresy lahatra sy mikaroka mpiara-miombon'antoka ho fanatsara sy fampaharetana ny tolotra RFF eny anivon'ny tobi-pahasalamana<br>▪ Mandamina, mandrindra, manara-maso ary manome tantsoroka ho fampiroboroboana ary fampaharetana ny tolotra RFF<br>▪ Manome tantsoroka ara-tekinika ireo mpiantsehatra eny anivon'ny Faritra<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |

| | |
|---|---|
| **OSC Régionale/Locale** | ▪ Manao tan-tsoroka amin'ny akisisika ho fanatsarana ny tolotra RFF<br>▪ Manara-maso, manao tan-tsoroka ary manao tatitra ara-potoana |
| **Maires** | ▪ Miantoka ny maha-tompon'antoka azy amin'ny foto-drafitr'asa RFF<br>▪ Mitarika ny hetsika RFF ao anatin'ny Kaomina<br>▪ Mampiditra ao anatin'ny tetik'asa sy ny teti-bola ny kaomina ieo asa mifandraika amin'ny fampiroboroboana ny RFF<br>▪ Mikaroka ary mandresi-lahatra mpiara-miombonon'antoka (ara-bola, ara-teknika, ara-pitaovana…)<br>▪ Manangana ireo sehatra miandraikita ny RFF ao amin'ny Kaomina (ATEAH/STEAH, …)<br>▪ Mandamina, mandrindra ary manao izay hanatanterahana ny asa momba ny RFF |
| **Conseillers Communaux** | ▪ Manolotra soso-kevitra hanatsara ny RFF<br>▪ Mampiditra tetik'asa RFF ary mandany ny sora-bolan'ny Kaomina mifandraika amin'ireo asa RFF |
| **ATEAH** | ▪ Miandraikitra mivantana ny sehatry ny RFF ao anatin'ny Kaomina (Foto-drafitr'asa, fikojakojana, fitantanana, …)<br>▪ Manao tan-tsoroka ireo mpiara-miombon'antoka |
| **Chef ZAP** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny ZAP<br>▪ Manao tantsoroka ara-tekinika sy pedagojika (fampiofanana, …) ireo mpiantsehatra eny anivon'ny sekoly<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **Directeur d'Ecole** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny sekoly<br>▪ Manatanteraka eo anivon'ny sekoly ny fampiharana araka ny tokony ho izy ireo hafatra fototra ny RFF<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **Chef CSB** | ▪ Mampiditra ny sahanasa mikasika ny RFF ao anatin'ny lamin'asa isan-taonan'ny CSB<br>▪ Mandresi-lahatra ny mpiara-miombon'antoka (Maire, conseillers communaux, …) ho fanatan-terahana ny tetik''asa sy ny drafitr'asa RFF |

| | |
|---|---|
| | ▪ Manatanteraka eo anivon'ny CSB ny fampiharana araka ny tokony ho izy ireo hafatra fototra ny RFF<br>▪ Manao tantsoroka ireo mpiara-miombon'antoka RFF<br>▪ Manao ny tatitra mifandraika amin'izany |
| **Leaders locaux** | ▪ Manome tolo-kevitra ho fanatsara ny RFF<br>▪ Mitarika ny hetsika eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny tompon'adraikitra<br>▪ Manao tantsoroka amin'ny akisisika (Plaidoyer) ho fanatsarana ny tolotra RFF |
| **Comités WASH au niveau Institution** | ▪ Mandray anjara mavitrika ary manao tan-tsoroka mikasika ny fampiroboroboana ny RFF :<br>o Mitady ary mandresi-lahatra mpiara-miombon'antoka<br>o Mandray anjara mavitrika amin'ny fikojakojana, fitantanana mahomby ary fampaharetana ny foto-drafitr'asa RFF eo anivon'ny sekoly/CSB<br>o Manomana, mitarika ary mandray anjara mivantana amin'ny fanentanana sy fanaraha-maso<br>▪ Manao tan-tsoroka ary manao tatitra mikasika ny hetsika RFF |
| **Acteurs Communautaires (AC, LN, etc.)** | ▪ Mandray anjara mivantana ary manao tan-tsoroka mikasika ny fampiroboroboana ny RFF:<br>o Manentana<br>o Mandray anjara mavitrika amin'ny fikojakojana, fitantanana mahomby ary fampaharetana ny foto-drafitr'asa RFF eo anivon'ny sekoly/CSB<br>o Mandray anjara mivantana amin'ny fanentanana, fanaraha-maso |
| **Mpanabe** | ▪ Manara-maso ary mampihantra ireo hetsika fototry ny RFF eo anivon'ny sekoly |
| **Mpisitraka, Fiara-monina** | ▪ Mitondra ny fandraisana anjara hanatsarana ny tolotra RFF<br>▪ Mikajy sy manaja ny fahadiovana<br>▪ Mandray anjara amin'ny fitantanana sy fikojakojana ny foto-drafitr'asa |

## Tovana 7: ireo modely fitantanana fotodrafitrasa RFF mety mampiditra vola mba ahafahana mikojakoja sy manatsara izany.

- ***Fitantanan'ny tsy miankina ny fotodrafitr'asa sy ny tolotra RFF :*** Tsongaina manokana amin'izany ***i***reo mpisehatra tsy miankina, ny fikambanan'ny mpisitraka na koa ireo komity RFF eo an-tanana ka manana fifanarahana ara-kasa mazava tsara (contrat d'affermage, GIC, Sanimarket/MBS). Izany fiaraha-miasa izany dia eo amban'ny fanarahamason'ny Kaominina (amin'ny alalan'ny STEAH/ATEAH raha efa mijoro)

  - ***Fitantanan'ny tobi-pahasalamana ny fotodrafitrasa iarahany amin'ireo rantsana ao aminy*** toy ny mpiasa ny fahasalamana, CoGé, Komity ny Fahadiovana, Mpitondra marary, mpisitraka tombontsoa, …

  - ***Fitantanan'ny sekoly ny fotodrafitrasa iarahany amin'ireo rantsana ao aminy*** toy ny mpanabe, mpianatra, mpandraharaha, Komity WASH, Raiamandren'ny mpianantra, mpiara-monina, …

  - ***Fametrahana vondron'ny teknisiana ifotony :*** izay natokana indrindra mba hamaly ireo filana (fikojakojana, fitantanana, fampandehanana, sns.) mikasika ny tolotra RFF ka miara-miasa akaiky amin'ny Kaominina (amin'ny alalan'ny ATEAH, STEAH raha efa misy). Afaka mandray andraikitra lehibe ao amin'io vondrona teknisiana io ny sehatra tsy miankina (GIC, Sanimarket, MBS, etc)

  - ***Fampidirana ho mpiasa maharitra (raikitra) ireo manao tantsoroky ny tolotra RFF*** : Ny fandraisana mpiasa hanao tantsoroky ny tolotra RFF (Fandiovana, Fikojakojana na koa ny fitantanana) dia jerena araka ny maha mety azy na eo anivon'ny Kaominina, na eo anivon'ny Tobi-pahasalama na koa eo amin'ny Sekoly

- ***Fitantanan'ny Kaomina :*** Ity fomba fitantanana ity dia tsy maintsy ampiarahana mandrakariva amin'ny Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra eo anivon'ny Kaominina, indrindra ny Komity mpitantanana : Ity fanamafisam-pahaizan'ny mpiasa ny Kaominina, ATEAH/STEAH, Komity mpitantana, teknisiana ifotony, ny tsy miankina, …dia singa fototry ny fampaharetana ny tolotra RFF toy ny :

- Fanamafisam-pahaizana momba ny fikarohana lalam-bola maharitra momba ny hamatsiana ny fikojakojana sy ny fitantanana fotodrafitr'asa RFF (FEFFI, FRAM)

- Fahaiza-manaon'ireo mpisitra tombotsoa mba hikajy sy hanatsara ny fitantanana ny tontolo manodidina ny fotodrafitr'asa RFF (Madio, tsy misy tay miparitaka, …).